Fiofanana momba ny Fitantanana ara-bola ny tokan-trano (Gestion Financière des Ménages)

Mihary Harena, ...Mba ho avy mamiratra

Mpampiofana : ***Mme Dina RANDRIANASOLO (033 11 06397)***

Aout 2009

Amin'ny ankapobeny ny tanjon'ny fiofanana dia ahafahan'ireo mandray anjara manana fitaovana ahafahany mitantam-bola mba hoentiny manatsara hatrany ny fari-piainany sy ny asa fidiram-bolany.

Toy izao ny fandaharam-potoana amin'ny fiofanana :

Lohahevitra	Fanazavàna	Fampiharana sy fanontaniana
Mpandraraha, mihary harena Culture entrepreneuriale	15 min	10 min
Mihary harena = mahay mitantam-bola Budget et suivi budgétaire	45 min	30 min
Mihary harena, sahy mindram-bola Culture de crédit	20 min	20 min
Mihary harena, manao tahiry Culture d'épargne	20 min	10 min
Fehin-kevitra mba hihariana harena Points de résumé	15 min	

Mpandraharaha...Mihary harena

Inona ny atao hoe Mpandraharaha ?

- Izay manana asa mampidi-bola ka manana toe-tsaina Mpandraharaha

Inona ny toe-tsaina mpandraharaha?

- Sahy mampiovatra toe-tsaina
- Mitsinjo lavitra sy sahy miatrika ny ho aviny
- Manana tanjona sy vonona ny hanatanteraka izany
- Tsy sasatra mikaroka fitaovana sy paikady entina manatanteraka ny tanjona
- Manaraka ny fivoaran'ny tontolo iainana sy ny toetr'andro
- Tia mivoatra, tia karokaroka, tia mamorona
- Tia sy mahay mifandray amin'ny hafa
- Tsy manaiky ho resy
- Manana faharetana
- Mikatsaka tombony bebe kokoa hatrany

Nahoana no mila manana toe-tsaina mpandraharaha?

- Mba tsy hiantehatra fotsiny amin'ny karama na amin'ny fiantran'ny hafa,
- Mba tsy ho faty ny orin'asa,
- Mba tsy ho hambakan'ny hafa,
- Mba ho tanteraka ny tanjona,
- Mba ahafahana miatrika ny adidy ao an-tokan-trano, eo amin'ny fiaraha-monina sy eo amin'ny firenena.

Mihary harena ....Mahay mitantam-bola.

Nahoana no mila mahay mitantam-bola?

- Na miha betsaka toy ny inona aza ny tombony azo amin'ny fampiasam-bola dia ho very maina ny vola rehefa tsy hay ny mitantana azy.
- Izay mahay mitantana no hitombo harena
- Izay tsy mahay mitantana, dia ho lany harena ary hahantra

Ahoana izany hoe mahay mitantam-bola?

- Tsy mandanindany foana (na amin'ny rendrarendra na fandaniana tsy dia ilaina) ny vola rehetra azo.
- Mahafantatra sy mahay mikaonty ny vola miditra sy mivoaka
- Mahafantatra sy mahay mikaonty ny tombony azo ary mahay mitsinjara izany
- Mahay mindram-bola (jereo pejy 15)
- Mahay mitahiry (jereo pejy 16)

Ahoana ny fomba hitazonana kaonty?

- Mividy karne na Kahie anakiroa
- Iray anarahana ny asa ary ny iray anarahana ny tokan-trano
- Marihina fa mila sarahana ny fitantanana ny asa sy ny tokan-trano
- Arahina ny vola miditra sy ny vola mivoaka arak'ireto tabilao ireto.

Ho an’ny ao an-tokan-trano

Volana_____

Vola miditra		
Oviana (daty)	**Ohatrinona (vola ariary)**	**Avy aiza (Antony)**
Totalin'ny vola miditra		

Ohatra :
- Fidiram-bola manokana amin'ny fampianarana
- Fidiram-bolan'ny vady hanampiana ny ao an-trano

Vola mivoaka		
Oviana (daty)	**Ohatrinona (vola ariary)**	**Natao inona (Antony)**
Totalin'ny vola mivoaka		

Ohatra :
- Sakafo
- Hofan-trano
- Jiro sy Rano
- Fampianarana ny ankizy
- Fahasalamàna
- Fitaterana
- Fitaovana ao an-trano

Tabilao famehezana

Isaky ny faran'ny vola

Volana_____

Totalin'ny vola miditra	
Totalin'ny vola mivoaka	
Miditra - Mivoaka (raha négatif* dia antsoina hoe Filam-bolan'ny tokantrano = T / raha tsy izay dia Antsoina hoe ambim-bava)	

** latsaky ny 0*

Fanamarihana :
- Raha be loatra ny vola mivoaka noho ny vola miditra dia ny ambiny izany no nalaina tamin'ny tombon'ny asa nentina namatsiana ny fianan-tokatrano
- Raha betsaka indray dia mahasahana ny fandaniana ao an-tokantrano ny fidiram-bola manokana

Amin'ny volana voalohany na isam-bolana mandritry ny cycle d'activité voalohany

Volana_____

Renivola voalohany: _____

Vola miditra		
Oviana (daty)	**Ohatrinon**	**Antony**
Totalin'ny vola miditra		

Ohatra :
- Varotra (entana na vokatra)

Vola mivoaka		
Oviana (daty)	**Ohatrinon**	**Natao inona (Antony)**
Totalin'ny vola mivoaka		

Ohatra :
- Vidina masom-boly
- Vidina zezika
- Karaman'ny mpiasa
- Fitaterana
- Vidina Fitaovana
- Kojakoja
- Hafa...

Tazomy hatrany ny faktiora

Tabilao famehezana (*Cycle d'activité = elanelam-potoana eo amin'ny fivoahan'ny vola sy ny fidiram-bola amin'ilay asa)*

Isaky ny faran'ny volana	
Volana_____	
Renivola voalohany (RVv)	
+Totalin'ny vola miditra (VMd)	
-Totalin'ny vola mivoaka (VMv)	
+Vola lany tao an-tokan-trano (T)	
Renivola farany (RVf) = RVv+VMd-VMv+T	

totaliny mandritry ilay cycle d'activité	
Renivola voalohany (RVv)	
Totalin'ny vola miditra (VMd)	
Totalin'ny vola mivoaka (VMv)	
Vola lany tao an-tokan-trano (T)	
Renivola farany (RVf) = RVv+VMd-VMv+T	

Rehefa ireo tabilao ireo dia afaka mamaly ireo fanontaniana ambany ireto :

Ahoana no ahafantarana fa mahavelona ny tokan-trano ilay asa?

- Kajiana ny renivola farany

Renivola voalohany (RVv)	
+Totalin'ny vola miditra (VMd)	
-Totalin'ny vola mivoaka (VMv)	
+Vola lany tao an-tokan-trano (T)	
Renivola farany (RVf) = RVv+VMd-VMv+T	

- Tokony ho positif io (RVf) io raha tsy izay dia tsy mahavelona ny tokan-trano ilay asa

Ahoana no ahafantarana fa ampy ny eo am-pelan-tànana hiatrehana ilay cycle d'activité (elanelam-potoana eo amin'ny fivoahan'ny vola sy ny fidiram-bola amin'ilay asa) manaraka?

Amin'ny faran'ny cycle d'activité na isam-bola dia tokony kajiana ny Tahiry maharitra

Fikajiana ny Tahiry maharitra afaka atao	
Renivola Farany	
Totalin'ny vola mivoaka (VMv) = Renivola ilaina	
Totalin'ny filàn'ny Tokantrano (T)	
Tahiry Maharitra (TM= RVf-VMv+T)	

Ny tahiry maharitra dia afaka anaovana petra-bola maharitra, ampitomboina ho fampiasam-bola amin'ny asa (fanitarana ny asa, fanatsarana) na fampiasam-bola manokana (hividianana trano, télé, sns), hatao fanampin' ny findramam-bola entina mampitombo ny asa

- Kajiana ny **Renivola ilaina**= Ny totalin'ny vola mivoaka mandritry ilay cycle d'activité.

Ny renivola farany dia tokony mihoatra ny renivola ilaina sy ny filàn'ny tokan-trano.

Ahoana no ahafantarana ny tombony ateraky ny asa?

- Kajiana ny **Tombony** (Vola miditra – Vola mivoaka. Marihina fa tsy tafiditra ao anatin'ny kajin'ny tombony ny investissement sy ny crédit nindramina sy ny famerenana azy, ny amortissement no tafiditra ao anatin'ny sokajim-pandaniana)

Fikajiana ny tombony (miaraka amin'ny vokatra) / ao anatin'ilay taom-pamokarana	
Totalin'ny vola miditra	
-Totalin'ny vola mivoaka	
+ Vokatra farany	
+ Vokatra nohanina	
+ Vokatra nambolena	
+Investissement (fampiasam-bola : fitaovana)	
+ Famerenam-bola (renivola)	
- Vokatra voalohany	
-Vola nindramina	
- Amortissement	
Tombony	
Vola maty	
Tombony / (zaraina) Vola maty	

- Investissement (fampiasam-bola toy ny fividianana tany na fampitaovana lehibe)
- Amortissement (kajy atao noho ny miha fahosan'ny investissement mba ahafahana manolo azy).

Ahoana no ahafantarana ny vola tokony hindramina?

- Kajiana ny Tahiry maharitra, ka raha négatif io dia io ilay filàna. Tsara koa ny manao plan de trésorerie (jereo ny lesona manaraka)

Raha nahavarotra bebe kokoa, ahoana no ahafantarana hoe firy isan-jaton'iny no azo alefa amin'ny filàna manokana?

- Jereo akaiky ny lesona momba ny “mihary harena, manao tahiry” (tsy mandanindany foana, mila mahay mihary)
- Kajiana hoe firy isan-jaton'ny Vola maty ny afaka natao tahiry maharitra **(tahiry maharitra / Vola maty)** nandritry ilay cycle d’activité ary tadidio fa izay ihany no afaka laniana raha sendra fahaterena.

Ahoana no ahafantarana fa ho tafaverina ny vola indramina?

- Manantona ilay rafitra mpampindram-bola manontany ny zana-bola sy ny fombafomba hamerenana ny vola (isam-bolana na any amin'ny farany, sns).
- Rehefa azo ny tontalin'ny zana-bola sy ny vola mety ho azo ary ny fotoana hamerena azy dia amboarina ny plan de trésorerie (na tabilao fanarahana ny kaontim-bola). Jereo ny lesona momba ny plan de trésorerie.
- Jerena ihany koa hoe ohatrinona ny tombony azo (jereo ny fikajiana ny tombony) raha hoarina amin'ny zana-bola aloa mandritry ilay fotoana hamerenana azy (tokony hitovy ny fotoana hikajiana azy ireo).
- Raha betsaka ny tombony azo noho ny zana-bola dia ahitana tombony ilay findramana
- Raha tsy izay kosa dia fatiantoka no hita ary tsy ho tafaverina ny vola.

Ahoana no ahafantarana hoe ohatrinona ny vola tsara tazomina ao an-tokan-trano?

- Aleo tehirizina any amin'ny toerana mpitahiry izany ara-dalàna ny vola mba tsy ho verivery foana
- Jerena hoe isaky ny inona no ahafahana manantona io toerana io (arakaraky ny fahafahana sy ny halaviràny)
- Raha isan-kerin'andro izany na indroa isam-bolana ohatra dia mila kajiana ny vola ilaina mandritra izay fe-potoana izay.
- **Izany filàna izany = Vola mivoaka mandritry ilay fotoana (na ho an'ny asa na ho an'ny tokan-trano) - Vola miditra mandritry ilay fotoana**

- Raha positif io dia izay no vola tokony alaina isak'ilay fotoana
- Raha négatif kosa dia izay no vola tokony aterina any atao tahiry isak’ ilay fotoana

Ahoana no hikajian'ny rafitra mpampindram-bola ny zana-bola?

Miankina amin'ny reni-vola nindramina

- Matetika misy fomba 2 :

- na linéaire (ny renivola voalohany foana no angalàna ny zana-bola)
- na dégressif (tsy andoavana zana-bola intsony izay reni-vola efa naverina)

- Raha 100 000 Ar no nindramina, averina ao anatin'ny 2 volana ohatra dia 3 000 Ar (100 000 Ar X 3%) ny zana-bola amin'ny volana voalohany ary 3 000 Ar ihany koa amin'ny volana faharoa raha toa ka 3% isam-bolana ny zana-bola fa kajy "linéaire"
- Raha kajy dégressif kosa dia kajiana aloha ny renivola aloa isaky ny volana (100 000 Ar /2) satria roa volana, 50 000 Ar izany ny renivola aloa isam-bolàna, amin'ny volana voalohany dia (100 000 Ar X 3%) 3000Ar ny zanany aloa fa amin'ny volana faharoa kosa dia (100 000 - 50 000 X 3%) 1500 Ar.

Raha toa ka nindrana 100 000 Ar ka nahazoana tombony 15% tao anatin'ny roa volana dia nahazo 15 000 Ar noho ny fampiasana ny volan'ny hafa, nefa mila mamerina 6000 Ar raha 3% linéaire isam-bolana ny zana-bola, ny tombony azo izany dia (15 000 - 6000) 7 000Ar. Midika izany hoe nahazo 7 000 Ar ambonin'ny efa nahazatra satria nahay nindrana.

Rehefa voatana nandritry ny cycle d’activité na mandritry ny iray volana iray ireo tabilao amin’ny pejy faha-4 sy faha-5 ireo dia mila manao budget.

Mahay mitantam-bola, mahay manao budget sy mahay manaraka izany.

Inona no atao hoe manao budget?

- Maminavina ny tetim-pandaniana raha mihoatra amin'ny fidiram-bola

Fa nahoana no mila manao budget?

- Mba tsy hitaintainana fa ahafantarana ny vola mety hiditra sy ny vola afaka laniana
- Mba hamehezana amin'ny fomba mahomby kokoa ny fandaniana
- Mba hijerena sao misy afaka ahena ny sokajim-pandaniana sasany
- Mba ahafantarana ny mety filàna ara-bola
- Mety ahafantarana ny fahafahana na tsia mamerim-bola

Ahoana ary ny fanaovana budget?

- Mila mitazona ilay kahie ahafahana manaraka ny fandaniana nandritry ny volana na nandritry ilay cycle d'activité (pejy faha 4 sy faha-5)

Avy eo dia Mameno ny plan de trésorerie prévisionnel (vinavina ny teti-panarahana kaotim-bola)

Toy ny inona no endrik'izany plan de trésorerie izany?

Toy ity tabilao manaraka ity ny plan de trésorerie prévisionnel (vinavina ny teti-panarahana kaotim-bola)

	Janoary	Febroary	Marsa	Aprily	May	Jona	Jolay	Aogositra	Septambra	Oktobra	Novambra	Desambra
1. Vola voalohan'ny volana = 5												
2. Vola miditra												
2 A. Tokan-trano												
karama												
.....												
2 B. Asa												
Vola maty Asa 1												
Vola maty Asa 2												
....												
....												
Vola indramina												
Petra-bola maharitra (rehefa alaina)												
.....												
A. TOTALY VOLA MIDITRA												
3. VOLA MIVOAKA												
3 A. Tokan-trano												
Sakafo												
Adidy												
Fianarana												
Fahasalamana												
Kojakoja ao an-tokan-trano												
Hofan-trano												
Jiro sy rano												
Hafa												
3 B. Asa												
Masom-boly sy zezika												
Kojakoja sy petit - équipement												
Karaman'ny mpiasa												
Fitaovana												
Fitaterana												
Hafa												
....												
Petra-bola maharitra (rehefa apetraka)												
Famerenam-bola (renivola)												
Sarany sy zana-bola												
B. TOTALY VOLA MIVOAKA												
4. AMBINY AMIN'NY VOLANA = A-B												
5. AMBINY AMIN'NY FARAN'NY VOLANA = 1 + 4												

Mba hamenoina io tabilao io dia mila :

- Mijery ireo sokajim-pandaniana sy sokajim-pidiram-bola isam-bolana, mandritry ilay cycle d'activité na ao anatin'ny taona
- Mametraka ny vinavinan'ny teti-bola mifanaraka amin'ilay sokajim-pidiram-bola na fandaniam-bola
- Izany vinavina izany dia miainga avy amin'ny fahafantarana ireo fidiram-bola sy fandaniana taloha isak'ireo sokajiny avy.
- Ilay tahiry maharitra (nokajiana teo aloha) dia afaka atao petra-bola maharitra hitsinjovana ny mety ho fandaniana eo amin'ny tokan-trano

Ho an'ny mpandraraha efa matianina, manana tetikasa azo antoka sy vonona hindrana, ankoatra ireo dia :

- Mamaritra tanjona mikasika ny asa (Mampitombo ny fidiram-bola sy ny renivola ilaina ho an'ny asa)
- Manavao ny fandaniana rehetra momba ny asa mifanaraka amin'ilay tanjona tiana tratrarina
- Raha tsy ampy ny renivola farany dia mikajy ny findramam-bola ilaina ary mampiditra izany vola indramina izany any amin'ny sokajin'ny vola miditra (**mety ho mora hita koa izany raha négatif ilay 5.ambin'ny vola amin'ny faran'ny volana amin'ny plan de trésorerie ka ny ngeza indrindra mandritry ilay cycle d'activité no vola tokony indramina).**
- Tandremo anefa ny madino ny mampiditra ny famerenam-bola (reni-vola sy zana-bola) any amin'ny sokajin'ny vola mivoaka

Mila arahina anefa ny budget ka amin'ny fomba ahoana ny anarahana azy?

Mitovy ny fanaovana izany na ho an'ny tokan-trano na ho an'ny asa.

Tazomina ao anaty kahie amin'ny cycle d'activité manaraka na amin'ny volana manaraka ireto tabilao manaraka ireto :

Vola miditra		
Budget		
Vola miditra		
Oviana (daty)	**Ohatrinona (vola ariary)**	**Avy aiza (Antony)**
Totalin'ny vola miditra		
Volana_____		
Budget		
Totalin'ny vola tena niditra		
Elanelana (budget-vola tena niditra)		

- **Ohatra :** karama

Vola mivoaka	
Sokajim-pandaniana : _____(tabilao atao isaky ny sokajim-pandaniana ohr : sakafo, adidy, fianarana, dokotera, jiro sy rano, hofan-trano hafa)	
Budget	
Vola mivoaka	
Oviana (daty)	**Ohatrinona (vola ariary)**
Totalin'ny vola mivoaka	

- Asio fanamarihana ny fandaniana hafa anarahana azy

Fanamarihana :
- Raha be loatra ny budget mihoatra amin'ny fandaniana dia ahena ilay budget
- Raha kely ilay budget mihoatra amin'ny fandaniana dia jerena ny mety hamehezana ny fandaniana

Tabilao famehezana

Isaky ny faran'ny volana	
Ny budget	
Ny vola tena lany	
Ambiny (budget-vola tena lany)	

Totalin'ny vola miditra	
Totalin'ny vola mivoaka	
Miditra - Mivoaka (raha négatif* dia antsoina hoe Filam-bolan'ny tokantrano = T / raha tsy izay dia Antsoina hoe ambim-bava)	

Vola miditra		
Budget		
Vola miditra		
Oviana (daty)	**Ohatrinona (vola ariary)**	**Avy aiza (Antony)**
Totalin'ny vola miditra		
Volana_____		
Budget		
Totalin'ny vola tena niditra		
Elanelana (budget-vola tena niditra)		

- **Ohatra :** vidim-bokatra na findramam-bola na vola miditra hafa mifandraika amin'ny asa

Vola mivoaka	
Sokajim-pandaniana : _____(tabilao atao isaky ny sokajim-pandaniana oh : karaman'ny mpiasa, kojakoja sy fitaovana, masom-boly sy zezika, fitaterana, investissement, famerenam-bola, hafa)	
Budget	
Vola mivoaka	
Oviana (daty)	**Ohatrinona (vola ariary)**
Totalin'ny vola mivoaka	

Ilaina ny manavao ny plan de trésorerie hifanaraka amin'ireo tabilao fanarahana ny fidiram-bola sy ny fivoahana ireto

Isaky ny faran'ny volana	
Ny budget	
Ny vola tena lany	
Ambiny (budget-vola tena lany)	

Isaky ny faran'ny volana	
Volana_____	
Renivola voalohany (RVv)	
+Totalin'ny vola miditra (VMd)	
-Totalin'ny vola mivoaka (VMv)	
+Vola lany tao an-tokan-trano (T)	
Renivola farany (RVf) = RVv+VMd-VMv+T	

totaliny mandritry ilay cycle d'activité	
Renivola voalohany (RVv)	
Totalin'ny vola miditra (VMd)	
Totalin'ny vola mivoaka (VMv)	
Vola lany tao an-tokan-trano (T)	
Renivola farany (RVf) = RVv+VMd-VMv+T	

Fikajiana ny Tahiry maharitra afaka atao	
Renivola Farany	
Totalin'ny vola mivoaka (VMv) = Renivola ilaina	
Totalin'ny filàn'ny Tokantrano (T)	
Tahiry Maharitra (TM= RVf-VMv+T)	

Fikajiana ny tombony	
Totalin'ny vola miditra (VMd)	
+Investissement	
+ Famerenam-bola (renivola)	
-Totalin'ny vola mivoaka (VMv)	
-Renivola nindramina	
-Amortissement	
Tombony	
Vola maty	
Tombony / (zaraina) Vola maty	

isan-jaton'ny tombony (oharina amin'ny vola maty)

Mihary harena ....Sahy mindram-bola.

Inona ny atao hoe Mitrosa ?

- Ratsy ny mitrosa, satria mindram-bola ampiasaina amin'ny zavatra tsy mampidi-bola, toy ny rendrarendra, ny fandaniana ao an-tokantrano.
- Miteraka fahantrana ny fitrosana

Mampanan-karena ny mindram-bola ary mahay mampiasa izany

Inona ny trosa mampanan-karena?

- Tsy mitrosa ny mindram-bola ho an'ny asa mampidi-bola, satria ny tombony avy amin'ny vola nindramina ihany no entina hamerenana azy.
- Tsy mihena noho izay ny fananana fa vao miha mitombo arakaraky ny tombony azo avy amin'ny fahaizana mampiasa io loharanom-bola io.

Nahoana no mindram-bola ?

- Ny vola no mampidi-bola, arakaraky ny habetsahan'ny vola miasa no habetsahan'ny tombony azo,
- Na dia ahazoana tombony be aza ny asa dia tsy maintsy ampy ny vola entina mampiodina azy,
- Mila mitombo ny orin'asa mba tsy ho faty, mila havaozina ny fitaovana, ampitomboina sy atsaraina ny vokatra, atsaraina ny fomba fivarotana, tadiavina sy ampitomboina ny lalam-barotra, mila ampitomboina ny vola enti-miodina. Raha tsy ampy ny eo am-pela-tanana dia ny findramam-bola no manampy hanatanterahana izany.
- Ilaina ny mindram-bola mba tsy ho resin'ny hafa

Inona no atao raha te- hindram-bola?

- Mila mahafantatra ny filàna ara-bola (atao inona ny vola indramina ary ohatrinona no indramina)
- Mila mahay mikajy ny vola miditra sy ny vola mivoaka miaraka amin'ilay findram-bola mba ahafantarana raha ho tafaverina na tsia ny vola
- Mila mahay mikajy izany ahafantarana ny tombony azo avy amin'ny findramam-bola
- Mila azo antoka ny tetikasa ary matianina ny mpindrana amin'ny asa ataony (tsy asa fanandramana, misy lalam-barotra azo antoka,…)
- Manantona ireo Banky na IMF mamelabelatra ny filàny fa afaka manampy azy akaiky izy ireo
- Mila fiomanana sy fahasahiana hiatrika ho avy matotra sy mamiratra ny findramam-bola

Tandremo ary fa raha mindram-bola ianao dia

- Mihevitra avy hatrany ny …… azy ara-potoana
- Tsy mihinana renivola fa mampiasa izany mba hahazoana …….. hamerenana ny renivola sy ny……..
- Tsy mamilivily ny renivola amin'ny fandaniam-poana.
- Tsy mamerim-bola amin'ny fitrosana hafa raha tsy izany dia tafiditra amin'ny lavaky ny trosa

Ny famerenana ara-potoana dia mampitombo ny fitokisan'ny mpampindrana ary manamora ny fanapahan-kevitra amin'ny fangatahana fampisamborana amin'ny manaraka.

Mihary harena ....Manao tahiry.

Inona ny atao hoe tahiry ?

- Ampahan'ny vola tsy lany
- Mamela ampahany amin'ny vola miditra isan'andro mba hitsimbinana ny ho avy
- Mamela ampahany amin'ny vola miditra isan'andro mba ho fampiasam-bola amin'ny ho avy
- Tsy ambim-bava fotsiny fa famehezana ny fandaniana mba hanatanterahana ny tanjona manokana.

Nahoana no mila mitahiry ?

- Mba tsy hampisy ny fandanindaniam-poana
- Mba hampihenana ny fahasahiranana raha misy voina (fahaverezan'asa, aretina, fahafatesana, …).
- Mba hanangonana vola hiatrehana ny filàna isan-karazany eo amin'ny fiainana (fahaterahana, fampianaran-janaka, fanambadiana, fahafatesana).
- Mba hanangonana vola entina manatsara farim-piainana na hanatanterahana ny tanjona manokana (fanitarana ny asa, fividianana fitaovana, trano)
- Mba hametrahana lova ho an'ny taranaka

Ny mitahiry any amin'ny banky na IMF (OTIV, CECAM, CEM, …) dia

- Ahafahana manana vola fiandry azo ampiasaina avy hatrany.
- Mampitombo hatrany ny tahiry hananana
- Manamora ny fahazoana findramam-bola.

…Izy ireo no miandry ny vola mba tsy ho verivery foana.

Inona no atao raha te- hitahiry?

- Mitaky finiavana ny tahiry
- Mitaky fahaizana mifehy ny fandaniana
- Manomboka izao dia mametraha ampahany amin'ny vola miditra mba ho tahiry hampanan-karena
- Manaova petra-bola fikirakira izay tsy andoavana sarany nefa hiarovana tanteraka ny renivola tsy ho very
- Manaova petra-bola voafetra izay ahazoana tombony ahafahana mampitombo ny renivola.

Aleo mitahiry fa

- Ny erikerika,……
- Ny vola toy ny vahiny, tonga……., lasa ……
- Aza atao lany ho azy toa volan'……ka mihena am-pitoerana toa……..
- Ny vola toy ny voangory, kely an-tanana……., be an-tanana, …….
- Sao tanora ratsy……ka antitra vao ratsy……..
- Mba ho tanora mamboly hazo, ka misy …….rahatrizay antitra
- Aleo ……..mahiratra toy izay vola-be am-bata.